Fomba Fiaina Mampifaly An'Andriamanitra (Fizarana 2)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 12, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

AFAKA MAMPIFALY AN'ANDRIAMANITRA VE ISIKA REHEFA TAFIHIN'I SATANA?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe tsia?

_____

_____

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe eny?

_____

Ary *ianao,* inona no inoanao?

_____

Nahoana ianao no mino an'izany?

_____

_____

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Tsy nivadika i Joba rehefa notafihin'i Satana.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 12, fehintsoratra 6-12.)

Vakio ny Joba 1:10, 11.

Inona no nataon'i Satana mba hahatonga an'i Joba hivadika amin'Andriamanitra?

Vakio ny Joba 1:22; 27:5.

Inona no nataon'i Joba rehefa notafihin'i Satana izy?

Rehefa lasa lalina be ny fakan'ny hazo iray, dia tsy mora azeran'ny rivo-mahery izy. Hoatran'izany koa fa rehefa tena mifandray tsara amin'Andriamanitra isika, dia tsy mivadika mihitsy na dia ao anatin'ny sarotra aza

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Tian'i Satana tsy hanompo an'i Jehovah intsony ianao. Afaka miaritra fitsapana anefa ianao, rehefa ampian'i Jehovah.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 12, fehintsoratra 13-16.)

Vakio ny Ohabolana 24:10 sy ny 1 Petera 5:8.
Tian'i Satana hivadika amin'Andriamanitra isika. Ahoana no ahafantarantsika fa mety hampiasa fanafihana mivantana (ohatra hoe fanenjehana) na an-kolaka (ohatra hoe fanakiviana) izy?

Vakio ny Joba 42:12-17 sy ny Ohabolana 27:11. (Jereo ny sary voalohany.)
Ahoana no ahafantarantsika fa faly i Jehovah rehefa tsy mivadika aminy isika?

Inona no tsapanao rehefa fantatrao hoe mety hahafaly ny fon'i Jehovah ny safidy ataonao?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Tsy maintsy ho nanao ratsy ny olona iray matoa izy mijaly.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Be dia be ny olona mety hieritreritra an'izany. Tsy mino an'izany anefa aho satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Mahery lavitra noho ny olombelona Andriamanitra, ka tsy misy vokany aminy izay ataontsika.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Marina fa mahery indrindra Andriamanitra. Mino anefa aho fa *afaka* mampifaly azy isika satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania